Vo. Sa. Mi.

Volontariat Salésien Missionnaire

Salohy

Volana Mars 2014

I. Teny mahavelona

MPIANATRA MAHARITRA MIARAKA AMIN'I JESOA

Evanjely tamin'i Md Lk 6, 1- 11

Indray sabata raha nandeha namaky ny tanimbary Jeso, dia nioty salohim-bary ny mpianany, ka nohaniny nony efa nokosokosohiny tamin'ny tànany. Dia hoy ny Farisiana sasany taminy: Nahoana hianareo no manao ny tsy fanao amin'ny sabata? Ary Jeso namaly azy hoe: Tsy novakianareo va izay nataon'i Davida raha noana izy mbamin'izay nanaraka azy,4 fa niditra tao an-tranon'Andriamanitra izy ka naka ny mofo alahatra, dia nihinana izany sy nanome izay nanaraka azy koa, nefa tsy misy mahazo mihinana azy afa-tsy ny mpisorona ihany? Sady nampiany hoe: Ny Zanak'olona no tompon'ny sabata.

Indray sabata hafa koa dia niditra tao amin'ny sinagoga izy ka nampianatra, ary nisy lehilay anankiray maty tànana an-kavanana teo. Tamin'izay dia nitsikilo azy ny mpanora-dalàna sy ny Farisiana na hanasitrana amin'ny andro sabata izy na tsia, mba hahitany antony hiampangana azy. Fa fantatr'i Jeso kosa ny hevitr'izy ireo, ka hoy izy tamin'ilay maty tànana: Mitsangàna ka mijoroa etsy afovoany. Dia nitsangana ilay io ka nijoro, ary hoy Jeso tamin'izy ireo: Manontany anareo aho, inona no mety hatao amin'ny sabata, ny manao soa sa ny manao ratsy; ny mamonjy aina sa ny manala aina? Dia noherikerehiny nojerena daholo izy rehetra teo ka hoy izy tamin-dralehilahy: Ahinjiro ny tànanao. Dia nahinjiny ka sitrana terý ny tànany. Fa iretsy kosa safotry ny hatezerana, ka nioko ny amin'izay hanaovany an'i Jeso.

Fandinihana

Indroa miantoana i Jesoa manohitra ireo antokom-pinoana nisy tamin'ny androny noho ny fandalàna ny andro sabata. Aza hadino fa ny teny hoe Sabata dia midika hoe : "fialana sasatra ». Andriamanitra nangataka andro iray ao anatin'ny herinandro mba hohamasinina sy ho fotoana fakana sasatra (Eks 20, 10) satria tsy tian'Andriamanitra ho andevozin'ny asa ny vahoakany.

Raha ny tena marina dia tsy hoe te-hanakiana fotsiny ny andro sabata Izy fa ny fomba fivoasan'ny Farizianina ho toy ny zavatra tsy maintsy tanterahina azy no tiany hahitsy satria mbola misy zava-dehibe tokony hojerena misimisy kokoa.

Faharoa, afaka nilaza toy izao amin'ny olona i Jesoa: fa nahoana no mangataka hanao zavatra amin'ny andro sabata ianao? Miverena rahampitso mba ho sitraniko ianao kanefa tian'i Jesoa ny ifandonana aminy, satria ny Evanjely dia fanafahana ary tiany ny

maneho fa ny làlana aza na aram-pinoana dia ny olombelona ihany no namorona azy. Raha toa ka mbola eo ambanin'ny baiko, lalàna sy fahefana izay lazaina hoe masina ary tsy misy olona mihevitra hanohitra, dia tsy azo lazaina hoe afaka na tena Zanak'Andriamanitra izy. (jereo 1 Kor3, 21-23 ;8-4 ; Kol 2,20-23)

Mampisy lanjany ny tena zava-masina ao amin'ny Baiboly izany sy ho an'ny làlan'ny Fiangonana: ny zavatra rehetra, na fotoana fohy aza dia mety ho sakana ho an'ny Evanjely.

Raha toy izany tokoa, ny konsiansy kristianina voazavan'ny Fanahy Masina dia mora mahita vahaolana ho an'ny zava-miseho eo amin'ny fiainany.

Fotoana fandinihanao mangina

✫ Araka ny hevitrao, zava-dehibe ho an 'i Jesoa ve ny manantanteraka fanasitranana amin'ny andro Sabata?

✫ - Ankehitriny, lazao ny hafatr'i Jesoa ho anao sy ho an'ny olona amin'ity Evanjely ity.

✫ -Manorata vavaka fohifohy izay notsongaina avy amin'ity Evanjely ity.

II. Vatsy

FIJOROANA VAVOLOMBELONA

Hotantaraina aminareo etoana ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ity ministra pakistana momba ireo mpino vitsy an'isa. Novonoina komando silamo mahery fihetsika ny 02 Martsa 2011.

"Shahbaz Bhatti no anarako. Nipoitra avy tamina fianakaviana katolika aho. Ny raiko, izay mpampianatra efa misotro ronono, sy ny reniko, miasa ao an-trano, no nampita ahy ny fanabeazana manaraka ireo soatoavina kristianina sy ny fampiananran'ny Soratra Masina, efa nanomboka atamin'ny fahazazako.

Makany am-piangonana matetika fony fahazaza ary mahita hevitra vaovao amin'alalan'ireo fampianaran'ny Fiangonana, amin'alalan'ny fihafiana, amin'ny alalan'ny hazo fijaliana nifantsihan'i Jesoa. Noho ny fitiavan'i Jesoa no nanosika ahy hanompo ny Fiangonana. Nampivarahontsana ahy ny mahita ny fijalian'ireo kristianina aty Pakistana. Tadidiko tsara fa tamin'ny zoman'ny Paka tamin'izay tamin'ny faha-13 taonako indrindra: nihaino ny toriteny mikasika ny fanoloran-tenan'i Jesoa mba ho famonjenana antsika sy izao tontolo izao aho tamin'izay. Dia nieritreritra ny hifanaraka amin'izany fitiavany mitia ireo rahalahintsika sy ny anabavintsika sahirana ara-pivelomana sy enjehina amin'ity firenena silamo ity aho tamin'izay.

Notambazana toerana ambony ao amin'ny fitondrana aho raha toa ka tsy manohy intsony izany adyko izany, fa nolaviko hatrany hatrany izany, hatramin'ny fikasana hamono ahy. Mitovy hatrany ny valin-teny nomeko hatamin'izay: «Tsia, te hanompo an'i Kristy amin'ny maha-olon-tsotra ahy aho ».

Izany fitiavako manokana an'i Kristy izany no fahasambarana ho ahy. Tsy mila laza amim-boninahitra aho, tsy mila fahefana ihany koa. Ny faniriko fotsiny dia ny hahita toerana eo an-tongotr'i Jesoa. Tiako raha ny fiainako, ny toetrako, ireo asako sy ny fihetsiko manambara an'i Jesoa avokoa sy maneho fa eo am-panarahan-dia an'i Jesosa aho. Mahery dia mahery ato anatiko izany faniriako izany ka ahatsapako fa nanam-bintana aho ankehitriny tsy toy ny teo aloha — izany rahateo koa moa no ahafahako manampy ireo sahirana, mahantra, ireo kristianina enjehina aty pakistana— fa eken'i Jesoa ny fanolorako ny fiainako.

Tiako raha miaina ho an'i Kristy aho ary noho Izy no nahafatesako. Tsy mahatahotra velively aho eto amin'ity firenena misy ahy ity. Matetika no naniry ny hifofo ny aiko ireo silamo mahery fihetsika, managadra ahy; mampihorohoro ahy, manenjika sy mampitahotra ny fianakaviako. Fa izao no nolazaiko hoe, raha mbola velona ihany aho, hatramin'ny fara-fofon'aiko, hanohy hatrany ny fanompoana an'i Jesoa aho sy ireo olombelona mijaly mampahonena, ireo kristianina sy ireo mila fanampiana, ny mahantra.

Mino aho fa nanorina tetezan'ny firaisan-kina, fitiavana, fifankafantarana, fiaraha-miasa sy fifandeferana teo amin'ny finoana roa tonta, ireo kristianina maneran-tany nanome tanana ireo silamo azon'ny horohoron-tany ny taona 2005. Resy lahatra tokoa aho fa afaka mandresy ny fo sy ny sain'ireo silamo mahery fihetsika isika raha toa ka mbola hitohy ireo ezaka voatanisa ireo. Ka hahitam-bokatsoa: tsy mifankahala intsony ny olona, tsy mamono amin'anaran'ny finoana intsony izy ireo, fa mifankatia, miaina mirindra, mametraka ny fandriam-pahalemana sy fifankahafanarana bebe kokoa eto amin'ity faritra ity.

Tiako ambara anareo fa manilo fatratra ny saiko ny Soratra Masina sy ny fiainan'i Jesoa Kristy. Arakaraka ny amakiako ny Testamenta Vaovao sy ny Taloha, ireo andinindinin'ny Baiboly sy ny teninin'i Tompontsika no mampitombo ny heriko sy mampitraka ahy. Rahefa eretreretiko fa nahafoy ny zavatra rehetra i Jesoa Kristy, rehefa nandefa ny Zanany mba hanavotana sy ho famonjentsika ny Ray, manotany tena aho hoe mba amin'ny fomba ahoana no hizorako ilay lalana makany Kalvery. Hoy ny Tompontsika hoe: «Avia hiaraka amiko, raiso ny hazaofijalianao ary araho aho ».

Toy izao ary ilay teny tiako indrindra ao anatin'ny Baiboly izay averimberiko foana: «Noana aho ka nomenareo hanina, nangetaheta aho nomenareo rano hosotroina; mpivahiny aho nampiatranoinareo, tsy nanan-kotafiana aho nomenareo akanjo, narary aho novangianareo, tao an-tranomaizina aho novangianareo ». Toy izany koa, rehefa mahita ireo olona mahantra sy mila fanampiana aho, dia mihevitra sahady ho endrik'i Jesoa manatona ahy.

Noho izany miezaka hatrany mba ho mpanampy aho, miaraka amin'ireo mpaira-miasa amiko, mba mitondra fanampiana an'ireo mila an'izany, an'ireo noana, an'ireo mangetaheta. Mino aho fa ireo mila fanampiana, ireo mahantra, ireo kamboty na inona na inona ny finoany dia tokony homen-danja fa olombelona. Heveriko fa ilan'ny vatako ao amin'i Kristy ireny olona ireny. Raha tontosantsika soa aman-tsara hatramin'ny farany ity iraka ataontsika ity, izay vao afaka hanan-toerana eo an-tongotr'i Jesoa isika ary dia afaka mijery azy tsy amn-kenatra aho". Shahbaz Bhatti

Fandalinana

1. Inona avy no hery fototra nahasahian'ity ministra pakistana ity ho martiry?
2. Iza no atao hoe misionera ho anao raha tarafina avy amin'ity tantara ity?
3. Milaza sehatra telo azonao anaovana ny asa misionera eto Madagasikara.

III. *Ao amin'ny sekolin'i Don Bosco*

Ny fanabeazana Salezianina sy ny fanabeazana netim-paharazana

…Ataontsika fampitahana amin'ny tableau ary ny fanabeazana malagasy nentin-drazana sy ny fanabeazan'i don Bosco ka isika no handinika ny hitovizany sy ny maha samihafa na ny zavatra mety ilain'ny fanabeazana salezianina ao amin'ny fanabeazana nentin-drazana. Ahoana ary no azo hamaritana an'ireo andry telon'ny fanabeazan'i don Bosco teo amin'ny Malagasy?

Raisintsika tsirairay ary ireo andry telo ireo ka ny hanohizana azy dia ny ny Fivavahana :

NY FIVAVAHANA (Religion)	
NY FANABEAZANA NENTIM-PAHARAZANA MALAGASY EO AMIN'NY FIAINANA ANDAVANANDRO	FANABEAZAN' I DON BOSCO
Olona mivavaka ny Malagasy ary mifandray amin'Andriamanitra ihany koa. Saika ny lafiny fifandraisana eo amin'ny fiaraha-monina hatrany no voalazantsika teo aloha . Kanefa ao anatin'ireo fomba isan-karazany ireo dia tsy miala mihitsy ny fanabeazana ny feon'ny fieritreretana sy ny filazana ny fisian'Andriamanitra eo amin'ny fiainana andavanandro. Andriamanitra no mandahatra ny zavatra rehetra ka ny fanaovana ny Rariny sy ny Hitsiny dia midika ho fanekena an'izany fandaharana izany sy mariky ny fanajana an'Andriamanitra mpandahatra ihany koa. Tsy iza no mamaly soa amin'ny farany, hita taratra ao amin'ireo angano tantaraina, fa Andriamanitra ihany. Maro ireo ohabolana sy fomba fiteny manambara ihany koa ny fisian'Andriamanitra. Ary ny tena fampianarana tian'ny Malagasy natao dia ny hoe Andriamanitra mahita ny miafina rehetra ka izy no tokony hatahorana fa tsy ny	**Fivavahana** : Ho an'i Don Bosco dia trangan-javatra telo no azo amintinana ny fivavahana: – Fivavahana amin'Andriamanitra : amin'ny alalan'ny vavaka samirery na miaraka. – Ny fahaizana mampiasa ny saina, amin'ny alalan'ny fianarana toy ny Katesizy – Fiainana ny toro-hevitra aroson'ny Evanjely amin'izay rehetra atao Tsy misaraka amin'ny fiainana an-davanandro ny *FIVAVAHANA,* manatsara ny fifandraisana amin'ny hafa, manome dikany lalina ny fisiana eto an-tany. Ho

olombelona: - “Aza manao an’Andriamanitra tsy hisy ka mitsambiki-mikimpy”. - “Aza mandidy alohan’Andriamanitra, toy ny mpanotrika akoho”. - “Haitraitra an’olombelona fa ny zaka an-Nanahary”. - “Avo fijery Andriamanitra ka mahita ny takona”. - “Tsy misy tsy fantatr’Andriamanitra fa minia miondrika Izy”. - “Aza ny lohasaha mangina no jerena fa Andriamanitra an-tampon’ny loha”. - “Ny adala no tsy ambakaina, Andriamanitra no atahorana”. - “Andriamanitra tsy andrin’ny olona, andriko ihany”. - “Andriamanitra tsy an’ny irery”. - “Andriamanitra tsy omen-tsiny, Zanahary tsy omem-pondro: fa ny olombelona no be siasia”.	an’i Don Bosco dia ireto andry roa ireto no iorenan’ny fivavahana : ny sakramentan’ny *Fampihavanana* sy ny fankalazana ny *Eokaristia.*

Fandinihana *: (ny fivavahana)*

1. *Ireo soatoavina sy sori-dalana itovitovizan’ny Fanabeazana malagasy sy ny fanabeazana salezianina raha eo amin’ny resaka Fivavahana no jerena ka tokony hohamafisina ¿*

2. *Ny lafiny tokony ho halalinina eo amin'ny fanabeazana malagasy satria mety hampivoatra ny fanabeazana salezianina (ny fivavahana ihany no resaka eto)*